



## SARY FANDRAVANA FOTSINY IHANY IO AMBONY IO

## ETO NY FANAMBARANA NOVAKIAN'I SOAVA ANDRIAMAROTAFIKA, Radio Viva FM 98.8 ny marainan'ny 26 Oktobra 2016



**FANAMBARANA IOMBONANANAY MANAMBONINAHITRA LEFITRA REHETRA**

Manoloana ny bemarenina sy tsy firaharahan’ny Fanjakana foibe ireo fanambarana nisesisesy nataonay **MANAMBONINAHITRA LEFITRA,** mahakasika ny fiainam-pirenena tsy ahitana na dia kely aza fitandroana ny zo fototra maha olona, voakasik’izany izahay. Ambaranay etoana fa feno ny kapoaka ka ataonay izao fanambarana FARANY izao.

***« « HO RAISINAY AO ANATIN’NY 24 ORA NY FITANTANANA ITY NOSY ITY REHEFA TSY MAHATSIARO TENA SY VOAVIDY VOLA IANAREO MANAMBONINAHITRA AMBONY SY JENERALY » »***

**Ny anton’izany dia ireto manaraka ireto :**

-Voahitsakitsaka ny ny Lalàna 96-O29 mahakasika zahay manamboninahitra lefitra,terena miambina mpandraharaha sy mpangalatra izahay, ny Komandy mpanendry no mandray fahasoavana,

-Tsy nankatoavina ny tapaka teny amin’ny Assises Militaires Ivato nandaniana andro,

-Roahina tsy mahazo manaraka fiofanana izahay, ary arirarira ny fampakarana galona @ ancieneté,

-Hanin’ny tompon’andraikitra ny Indemnités-nay isakan’ny manao mission ( Vao tsy ela **COMESA),**

-Gadraina noho ny fiarovana ny tanindrazany ny Malagasy,***( Soamahamanina-Ivandry-Mampikony-Beparasy-Tanambe-Marovoay-Tsarazaza-Alarobia/Ambatomanga-Betsiaka-Mananjary sns sns )***

-Amidy ny tanindrazana ***(ZES/Fort-Dauphin)-Baie de Narindra- Soamahamanina-Anjozorobe-Beparasy-Ilafy-Kianjan’ny valopololahy-Ankadimbahoaka-Ambohimanarivo, Verezambola,sns,***

-Amidy ireo patrimoines ***( Jirama-Port-Stationnement-Aéroport-Banques, air-Mad, vakoka***

-Mirongatra ny hala-jaza, taova,

-Tsy misy mihintsy ny fandriampahalemana na an-tsaha na an-tanan-dehibe,

-Sesilany ny fahatapahan-jiro,

-Tsy manefa vidin-jiro sy rano ny fitondram-panjakana,ireo sinoa sy karana mahazo avarapatana @ fanjakana, noho izany, ananan’ny ***JIRAMA 527Milliards*** d’Ariary araka ny fanazavan’Atoa ***MAMINIRINA Haja*** teny amin’ny haino aman-jery, ka ny vahoaka no ampandoavina izany ankolaka @ fampakarana ny vidin-jiro sy rano,

-Sesilany ny fampanantenana poak’aty ataon’ny Filoha sy ireo mpiara-misaosy aminy,tsy misy mipaka any amin’ny fiainam-bahoaka izao fitantanana izao na dia 1°/° aza,

-Bodoina tsy an-drariny ny tanim-bahoaka toa ny ataon’ingahy Ben’ny tanàna Antsirabe-I ao ***VEREZAMBOLA*** sy ***AMBOHIMANARIVO,sns sns***

-Mamono olona ny mpitandro ny filaminana ( ***Renim-pianakaviana mpivarotra amoron-dalana-Mpandeha taxi-brousse Antsirabe, mpanao gazety FREE FM,***

-Tsy miaro ny vahoaka sy ny fananany intsony ny EMMO/REG fa miaro anjambany ny filoha sy ny ankohonany, mirehareha noho izany ny jeneraly ,

**FEHINY:** Tsy mahafehy ny fitantanana ny Firenena intsony ny Mpitondra amin’izao fotoana izao.

**HO AN’NY TANINDRAZANA**

FANAMBARANA VOARAIN'NY MPANAO GAZETY NY ALIN'NY 25 OKTOBRA 2016